# Ilay Voa Tsara Nafafy 15 Desambra 2019

**15** **Alahady**
desambra

**Maro noho ny volon-dohako ny isan'izay mankahala ahy tsy ahoan-tsy ahoana… Ny latsa dia nanorotoro ny foko, ka reraka indrindra aho ; ary niandry antra aho, fa tsy nisy, sy mpanony, fa tsy nahita.** Salamo 69. 4, 20

### Teo amin'ny hazofijaliana

*Andro nampangorohoro, rehefa*
*nanafina ny tavany Andriamanitra !*
*Andro nahamenatra sy nampisafotofoto,*
*Rehefa nisolo toerana anay Ianao, ry Tompo,*
*Nanefa ny sanda goavana ho fanavotana !*

*Nitady fitia sy fangorahana Ianao,*
*Nefa tsy nisy tamin'ireo olonao nahatakatra ny fijalianao ;*
*Ny iray namadika Anao, ary ny iray nandà Anao,*
*Tsy nahita mpampionona Ianao, na iray aza.*

*Tsy niloa-bava Ianao, tao anatin'ny fangirifirianao,*
*Rehefa nihantsy sy nanaraby Anao teo anatrehanao*
*Ireo fahavalonao naneso Anao ;*
*Koa dia nanorotoro ny fonao ny latsa.*

*Farany dia nisotro ilay kapoaka mangidy Ianao,*
*Namita ny asa, ka nilaza hoe : „Vita",*
*Ry Mpandresy mahery ! Teo an-tanan'ny Ray,*
*Tam-piadanana feno no natolotrao ny fanahinao.*

*Ry Mpamonjy malala, Ianao Izay any ambonin'ny anjely,*
*Dia nosatrohan'Andriamanitra haja, satria afa-po Izy ;*
*Dieny etỳ an-tany izahay dia efa midera Anao,*
*Ary miankohoka sy mitsaoka Anao, ry Tompo.*